SERASERAN'NY TANDAVANALA

Takela-pifandraisana

Harena voajanahary tsara tantana, fiaraha-monina mirindra sy mivoatra

Laharana 13- Aprily 2014

Ivo-toeram-panabeazana sy fifanankalozana traik'efa natolotra ny Kaominina Ambolomadinika

Fifandrimbonana teo amin'ny rehetra no nahavitana ity ivo-toerana eto Ambolomadinika ity

Asa tanana mahafinaritra novokarin'ireo fikambanam-behivavy ao Ambolomadinika

Notontosaina tamin'ny andron'ny 08 marsa 2014 ny fanoloran'ny ONG Tandavanala ny ivo-toeram-panabeazana sy fifanankalozana ary fifampiofanana ho an'ny fikambanam-behivavy, no sady trano fivorian'ny federasionan'ny COBA ao Ambolomadinika- Ikongo. Ny fananganana ity ivo-toerana ity dia tafiditra indrindra ao anatin'ny tanjon'ny tetik'asa « fampivoarana ny farimpiainana sy fiahiana ny ara-tsakafon'ny mponina mipetraka manamorona ny tandavan'ala » izay tontosaina amin'ireo Kaominina vitsivitsy manamorona ny tandavan'ala COFAV.

Trano lehibe mirefy 12 metatra ny lavany, 5 metatra ny sakany ary ahitana efitra dimy ity trano natolotry ny ONG Tandavanala Fianarantsoa ny Kaominina Ambolomadinika sy ny fikambanam-behivavy miaro ny tontolo iainana ao amin'ny Kaominina ity.

Asa vadi-drano

Ny ONG Tandavanala no niantsoroka ny fananganana ny ivo-toerana sy niantoka ny fampitaovana ny ao anatiny toy ny seza sy latabatra. Nanampy tamin'ny fiantohana sy ny fikarakarana ny fitaovana hita eny an-toerana kosa ireo vondron'olona Ifotony sy ny fikambam-behivavy toy ny fitaterana ny fasika, vato ary ny hazo.

Fankalazana manetriketrika

Nifanojo indrindra tamin'ny andron'ny 08 marsa moa ity fankalazana ity, izay natokana ho andro manerantany ho an'ny vehivavy. Araka izany dia filaharambe nanamakivavy ny tanàna, fananganan-tsaina, fotoam-pivavahana, korana sy sahoby ary kabary nifandimbiasana no nanamarihana ny fotoana izay teo ambany fiahian'ireo mpitondra isan-tsokajiny teo an-toerana.

Ny vehivavy sy ny fampan-drosoana

Manana anjara toerana lehibe ny vehivavy eo amin'ny fampandrosoana sy ny fiarovana ny tandavan'ala ka rariny loatra raha hisy ivon-toerana ifanabeazan'izy ireo sy ifampizarany traik'efa : ato amin'ity ivon-toerana ity ohatra no handalinana sy hampiharana misimisy kokoa ny fianarana mahandro izay efa natomboka ny taona 2013 ka nahitana tombontsoa maro : toy ny fivoaran'ny sakafo isan-tokantrano ; ny fazahoana tahiry tamin'ny alalan'ny fivarotana ny sakafo masaka, ka nahatonga azy ireo tsy hiankin-doha amin'ny fitrandrahana ny vokatry ny ala intsony vao afaka mividy ny kojakoja ilaina ao an-tokantrano. Ato amin'ity ivon-toerana ity ihany koa no handalinana sehatr'asa hafa afaka hitondra fampandrosoana, ho an'ny fikambanana voalohany indrindra, ary ho an'ny Kaominina ihany koa: ohatra ny rary, ny zaitra, ny tekinika aram-pambolena samihafa.

Hampisy fivoarana amin'ny isan-tokatrano sy amin'ny Kaominina misy azy ireo ny fahalalana sy traik'efa ho ratoviny ato amin'ity ivon-toerana ity.

Ho fampandrosoana ny eny Ifotony

Marihina anefa fa tsy natao ho an'ny fikambanam-behivavy samirery ity ivon-toerana ity fa ny vovonan'ny VOI, na ny fédération des COBAs dia afaka mampiasa azy ity ihany koa. Misy efitra natokana ho azy ireo ato amin'ity ivon-toerana ity, hanamora ny asany amin'ny fifandraisana amin'ireo VOI ato anatin'i Kaominina Ambolomadinika sy manerana ny Distrika ary ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny fikajiana ny Tontolo Iainana sy ny Tandavan'ala.

Niaina R.

Ny ala sy ny olombelona

Tany amboalohany dia rakotra ala i Madagasikara ka voalaza fa nosy maitso no anarany tamin'izany fotoana izany, mbola vitsy ihany koa ny olombelona ka niaina ara-dalàna tsy nanana olana loatra tamin'ny resaka tontolo iainana.

Ankehitriny toa efa miharatsy andro aman'alina ny tontolo ianantsika, miha lany tamingana ny ala, miha maloto ny rivotra iainana, mananosarotra ihany koa ny fisian'ny rano fisotro. Zary maro ireo aretina aterak'izany, aretim-pisefoana, homamiadana, aretim-pivalanana… Maro amin'ireo ankizy no tsy mahazaka ireo karaza-n'aretina ireo ka mitombo ny tahan'ny fahafatesana. Mampalahelo tokoa izany! Nefa dia vokatry ny fanimbantsika olombelona ny tontolo iainana sy ny ala no mahatonga izany rehetra izany.

Raha tsiahivintsika kely dia ny hazo na ny ala dia iankinan'ny fiainan'olombelona mandritra ny androm-piainany. Ny rivotra sy ny rano madio dia singa roa lehibe mampisy sy mampiaina ny olombelona. Sarotra anefa ny mahazo ireo singa roa ireo raha tsy misy ny ala, satria ny ala dia mitroka ny enton'arina mandritra ny alina, mamoaka rivotra madio kosa izy ny atoandro. Ny ala ihany koa dia antok'ireo loharano madio, satria raha misy ala ny toerana iray dia mitsika any ambanin'ny tany ny rano ka tehiziny, mivoaka ho rano madio eny andoharano indray avy eo. Ny ala ihany koa dia lazaina fa misintona ranon'orana ka mitahiry izany.

Mila mampiasa ny vokatry ny hazo sy ala isan'andro ny olombelona: amin'ny fanamboarana trano, fanaka, ireo fitaovana isan-karazany, ary indrindra fa ny fandrahoana sakafo. Mbola mananosarotra antsika Malagasy rahateo ny mahazo irony fitaovana lafo vidy vita avy amin'ny akora hafa ankoatry ny hazo irony, ohatra ny vy, na ny firaka. Mbola sarotra ihany koa ny hanolo ireo saribao na kitay fandrahoana ho angovo hafa toy ny herin'aratra na gazy satria lafo vidy ny sandan'izy ireny.

Manampy ny olombelona amin'ny fandrindrana ny toetr'andro ihany koa ny ala. Raha ny zava-misy amin'izao fotoana izao mantsy dia efa mihatra amintsika olombelona ny vokadratsin'ny fiovaovan'ny toetr'andro. Toa lasa mivadibadika ny tetiandrom-pambolena ka tsy voafehintsika intsony ny fanarahana izany; noho izany dia miharatsy ny vokatra ka tsy ampy ny fianakaviana intsony ka mahatonga ny tsy fahampian-tsakafo.

Ny azontsika atao dia ny mitsitsy ny ananana, tsitsiana ireo ala sisa tavela: ohatra amin'ny alalan'ny fampihenana ny saribao sy ny kitay ampiasaintsika. Ho an'ny ONG Tandavanala manokana dia efa napetraka any amin'ireo kaominina iasana ireo fatana mitsitsy izay mampihena amin'ny ampahatelony ny fandaniana kitay. Azontsika atao ihany koa ny mampitombo haingana indrindra ny ala eto Madagasikara satria raha araka ny fantatra dia mbola miankin-doha tanteraka amin'ny fampiasana hazo isika. Raha samy mamboly hazo farafahakeliny iray isan-taona isika rehetra dia azo heverina ny hahatonga an'I Madagasikara ho Nosy maitso indray afaka folo taona ohatra.

Tsy fandriam-pahalemana manodidina ny tandavan'ala

Karazana endrika fisolokiana hafa indray no hita any amin'ireo Kaominina manamorona ny tandavan'ala amin'izao fotoana izao. Toe-javatra tsy dia fahita firy indray ity nitranga tamin'ny volana marsa ity satria dia niparitaka manodidina ny Distrikan'i Fort Carnot, indrindra tany amin'ny tapany atsimo toy ny Kaominina Kalafotsy sy Ankarimbelo ny vola sandoka.

Ny fomba fampiasan' ireo mpanao asa ratsy ireo azy dia ividianana Kisoa na vary eny amin'ny tantsaha ireo vola sandoka, toy ny niseho tao amin'I Fokontany Ambahaka, Kaominina Kalafotsy. Noheverin'ireto olon-dratsy ho tsy mahay manavaka ny vola sandoka amin'ny vola tena izy ireto tantsaha. Tratra araka izany ny ampahany amin'ireo olona nanao izany, mbola misy namany karohina ihany koa hatramin'izao.

Miha mahazo vahana ny ratsy eny ambanivohitra ka misy akony amin'ny asa fampandrosoana sy ny asa fivelomana eny an-toerana. Ankoatra ireo fitrandrahana ny harena

«Noheverin'ireto olon-dratsy fa afaka ambakaina amin'ireto vola sandoka ny tantsaha»

voajanahary, indrindra fa ny harena an-kibon'ny tany izay midika fanapotehana tanteraka ny firenena sy ny mponina eny amin'ny manodidina, dia mitady hanjaka indray izany ny fividianana ny haren'ny mponina amin'ny vola sandoka tsy misy lanjany ara ekonomika.
Mampanahy ny ho fiainan'ny mponina eny ambanivohitra raha mitohy ny tsy fandriampahalemana toy izao. Manaitra antsika mpitondra rehetra isam-baratongany na mpitondra ara-panjakana na ara-drazana mba hijery akaky an'izany trangan-javatra mampalahelo izany satria raha ireo kely ananana indray ho hanjakazakan'ny mpanao ratsy dia asa ny ho avin'ireo taranaka amam-para.

Ra-zozy

Vaovao Tapatapany

Ireo daty nankalazaina

02 febroary: Andro iraisam-pirenena ho an'ny faritra mando
Nankalazaina teto amin'ny faritra Matsiatra ambony ny andro iraisam-pirenena ho an'ny faritra mando. Ny lohahevitry ny fankalazana tamin'ity taona 2014 dia: « Ny fifampiankinan'ny faritra mando sy ny fambolena». Ny faritra mando dia iantsoana ireo fari-drano, na rano mamy, rano masina na koa ireo faritra sy toeram-ponenana mitahiry rano.
Ny andro fankalazana iraisam-pirenena toy izao dia ezahina anaovana fanentanana amin'ny fiarahamonina ka noho izany ny fanentanana rehetra dia miompana amin'ny fikajiana ireo faritra mando mba ho fampiroboroboana ny vokatry ny fambolena sy ny fifampiankinar'ireo singa roa ireo.
Ho an'i Madagasikara manokana, dia manana faritra mando miisa sivy (09) isika. Izy ireo dia efa voasokajy ao anatin'ny fifanarahana iraisam-pirenena antsoina hoe " Dinan'ny Ramsar". Ao anatin'ny tandavan'ala COFAV ihany koa dia ahitana faritra mando maro ka zava-dehibe indrindra ny fiarovana azy ireny mba hampaharitra ny fisian'ny rano hamatsy rano fisotro sy fanondraka.

23 marsa: Andro manerantany ho an'ny famantarana ny toetr'andro
Daty mbola maro tsy mahafantatra loatra ny andro manerantany ho an'ny famantarana ny toetr'andro satria mbola tsy nisy fankalazana manakohako toa an'ireo andro manerantany hafa loatra.
Ampahafantarina antsika mpamaky ny gazety "Seraseran'ny Tandavanala" ary fa ny andron'ny 23 marsa no andro fankalazana izany andro manerantany ho an'ny famantarana ny toetr'andro izany. Ny lohahevitra ho an'ny taona 2014 dia fanetsiketsehana ny fandraisana anjaran'ny tanora mahakasika ny toetr'andro sy ny famantarana ny toetr'andro. Ny tanjona dia mba hanairana ireo tanora mba ho liana amin'izany resaka toetr'andro izany ka ahafahany miatrika tsara ny fiovaovan'ny toetr'andro izay efa manomboka tsapa amin'izao fotoana izao.

Nivo R.

Ny rano: iankinan'ny fiainan-janak'olombelona sy ireo zavamanan'aina hafa

«Mitaky angovo tsara tantana ny fazahoana rano fisotro madio» : lohahevitry ny fankalazana ny andro manerantany ho an'ny rano taona 2014

Amin'izao fotoana izao dia mbola latsaky ny dimampolo isan-jato (50%) ny tahan'ny fahafahana mahazo rano fisotro madio eto Madagasikara, izany ny hoe ny antsasaky ny Malagasy dia mbola misotro sy mampiasa rano tsy azo antoka sy tsy ara-pahasalamana. Ho an'ny any ambanivohitra kosa ny ny ampahatelon'ny mponina ihany no mahazo izany rano fisotro madio sy azo antoka izany. «Ny tanjon'ny taona arivo fahatelo ho an'ny fampandrosoana» anefa dia mametraka fa tokony hahazo rano fisotro madio sy ara-pahasalamana ny dimy amby enimpolo isan-jaton'ny Malagasy (65%) amin'ny taona 2015.

Madagasikara manan-karena

Riandrano ao Iapombo, Kaominina Moroteza.

Raha mahakasika ny harena voajanahary dia azo lazaina fa manan-karena tokoa I Madagasikara. Ho an'ny faritanin'I Fianarantsoa manokana ohatra no jerena dia manana ala voajanahary isika izay ahitana karazan-javamanan'aina maro ihany koa. Io ilay ampahana "tandavan'ala" mandalo eto amin'ny faritanin'I Fianarantsoa. Mirefy 290 000 ha izy io ankehitriny.
Manan-karena rano ihany koa io tandavan'alantsika io satria dia mihoatra ny 40 ny renirano mipoitra avy ao anatiny. Ireo renirano mipoitra avy ao amin'ny Tandavan'ala ireo dia manana ny anjara andraikiny lehibe eo amin'ny fiainantsika olombelona satria izy ireo no miantoka ny rano fisotro sy fanondrahana ny tanimboly sy ny tanimbary ka ahafahantsika mahazo vokatra ara-dalàna. Ireo rano ireo ihany koa no ahodina ho fakana herin'aratra ampiasaina amin'ny fiainana andavan'andro sy amin'ny sehatr'asa maro mila izany.

«Mitaky angovo tsara tantana ny fazahoana rano fisotro madio»

*N*y angovo tiana resahina amin'ity lohahevitra ity dia ireo singa, izay azo lazaina fa antoky ny fisian'ny rano, lehibe indrindra amin'izany ny ala sy ireo sahan-driaka. Mba hampisy sy hitohizan'izany fisian'ny rano izany dia mila kajiana sy atao tsara tantana ireo singa roa ireo. Mila kajiana ny ala satria izy no misintona ny orana sy manampy ihany koa amin'ny fitehirizana ny rano any ambanin'ny tany. Toy izany koa ny sahan-driaka satria izy no miaro ireo loharano ety ambany, izany hoe raha tsy voakarakara ny sahan-driaka dia mety ho tototry ny atsanga sy ny riaka ny loharano ety ambany.
Ho an'ny ampahany betsaka amin'ny faritra atsimon'i Madagasikara dia ny rano avy ao amin'ny tandavan'ala avokoa no mamatsy sy manondraka ny tany. Araka izany, ho antsika mponina mipetraka manamorona ny ala, dia mila mikajy ireo ala sy ireo sahan-driaka mba hampisy hatrany ny rano.

Nivo R.

Tetik'asa ho fampihenana ny enton'arina mipariaka eny amin'ny habakabaka

Volana vitsivitsy izay no efa nanomboka tany amin'ireo kaominina iasan'ny ONG Tandavanala ny tetik'asa iray izay manana tanjona manokana mahakasika ny fampihenana ny enton'arina mipariaka eny an'habakabaka, ho fanalefahana ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro.
Ity tetik'asa ity ihany koa dia atao indrindra mba hitsinjovana ireo sahirana ara-pivelomana; izany hoe ezahina ny hampihenana ny fandaniam-bolan'ny isa-tokantrano amin'ny fividianana kitay sy saribao.

Fatana maromaro ihany koa no anaovan'ny ONG Tandavanala fanandramana amin'izao fotoana izao mba ahafana manombatombana ny fatana tena mety aty amin'ny faritra iasana.

Raha Nosy maitso i Madagasikara tany am-piandohana; ankehitriny dia efa miha ngazana ny tany. Mila rakofana ala indray ity Nosintsika Madagasikara ity.

Hampihena ny fanapahana ny ala

Asa ho tanterahina mandritra ny tetik'asa ny fanapariahana fatana mitsitsy isa- tokantrano mba hampihenana ny kitay sy saribao ampiasaina. Amin'izao fotoana izao dia efa maherin'ny dimanjato sy arivo (1500) isa ireo fatana mitsitsy efa ampiasaina amin'ireo Kaominina iasana izay miisa dimy (5) ka ireo teknisianin'ny Tandavanala sy ireo mpanentana eny ifotony no miandraikitra ny fanamboarana ireo fatana. "Kamado" no anaran'ity fatana amboarina sy anentanana ny mponina ity, ary marihina moa fa efa nentina teto amin'ny gazety "Seraseran'ny Tandavanala" ny tekinika tsotra fanamboarana izany fatana mitsitsy izany.

Ny fiantraikan'izany amin'ny lafiny tontolo iainana dia hihena ny fanapahana ny ala satria ity fatana mitsitsy "Kamado" ity dia mampihena amin'ny ampahatelony ny kitay ampiasaina rehefa mahandro sakafo. Izany hoe raha mampiasa kitay miisa folo (10) vao mahamasaka vary amin'ny toko telo (vato) toy mahazatra, dia mihena ho kitay telo (03) isa izany amin'ny fatana mitsitsy "Kamado". Araka izany dia hihena ny kitay ampiasaina isan-tokantrano, hihena araka izany ihany koa ny fanapahana ny ala.

Hampitombo ny velaran-tany rakotr'ala

Anisan'ny tanjona ho tratrarin'ity tetik'asa ity ihany koa ny hampitomboana ny velaran-tany rakotr'ala ka hitombo ny ala, izay mpitroka ny enton'arina mipariaka eny amin'ny habakabaka. Ny enton'arina izay marihina fa anisan'ireo singa mandoto ny tontolo iaianana sy mandray anjara amin'ny fiakaran'ny hafanan'ny tany ka mahatonga ny fiovaovan'ny toetr'andro.

Dingana efa natomboka tamin'ity taona ity ny fanaovana fanadihadiana mahakasika ireo velaran-tany afaka hambolena hazo ka ahafahana mampitombo izany velaran-tany rakotr'ala izany.

NIvo R.

Tarehimarika tsara ho fantatra

Ala mandon'i Amazonia: 5 500 000 km2

Toy izao ny tarehimarika mahakasika ny fahalanian'ny alan'i Amazonia any Brezila isan-taona raha araka ny fanadihadiana nataon' ny « Ivon-toerana Nasionaly mahakasika ny fikarohana an'Habakabaka » na ny «Institut national de recherches spatiales (INPE) » : 2000 : 18 226 km2 ; 2001 : 18.165 km2 ; 2002 ::21.523 km2 ; 2003 : 25.396 km2 ; 2004 : 27.772 km2 ; 2005 : 19.014 km2 ; 2006 : 14.196 km2 ; 2007 : 11.633 km2 ; 2008 : 12.911 km2 ; 2009 : 7.008 km2. Io alan'ny Amazonia io dia anisan'ny ala mando be velarana indrindra eto an-tany ka voalaza fa "avokavoky ny tany". Araka ny tarehimarika anefa dia miha mihena miandalana izy ankehitriny.

Ny tantely sy ny fiainany

Azo lazaina fa fohy dia fohy ny androm-piainan'ny "tantely" satria dia 6 herinandro fotsiny ihany. Mahavita mitety voninkazo eo amin'ny manodidina ny 2 km izy rehefa manao ny fampivadiana ireo voninkazo. Raha vinavinaina dia mahavita 800 km ny tantely iray mandrindra izay androm-piainany fohy dia fohy izay. Mahatratra hatramin'ny 30km isan'ora kosa ny hafainganam-panidinany.

Angon-kevitra: http://www.donnees-environnement.com

Ny fambolen-kazo: «adidy masina, adidy lehibe»

Tato anatin'ny 02 taona izay ny ONG TANDAVANALA dia nanao ezaka tokoa ny amin'ny fanentanana ny mponina manodidina ny Tandavan'ala Ambositra Vondrozo amin'ny fambolenkazo. Tsy diso anjara amin'izany ny Distrikan' Ikongo Atsimo toy Kaominina Antodinga, Ankarimbelo ary Kalafotsy.

Raha samy mandray anjara amin'ny fambolen-kazo tokoa ny tsirairay dia azo hevirina ny hiverenan'i Madagasikara ho «Nosy Maitso» indray. Ireo sary eo ambony dia santionany amin'ireo mpianatra sy fikambanana miara -miasa amin'ny ONG Tandavanala handeha hanatanterana ny adidy amin'ny fambolen-kazo: Ialamarina, Ankarimbelo.

Hazo haingam-pitombo daholo ireo zanankazo aparitaky ny ONG Tandavanala any amin'ireo Kaominaina iasany. Ny fahavoka-ran'ireo hazo ireto tsy ho ela dia hamaha ny olana amin'ny fianana an-davanandron'ny mponina satria tsy dia hananosarotra loatra ny fitadiavana hazo hampiasaina. Hanamaintso ny tontolo manodidina ihany koa izy ireo ka hanampy betsaka amin'ny fitrohana ny enton'arina.
Any amin'ireo Kaominina iasan'ny ONG Tandavanala amin'izao fotoana izao dia aparitaka ny zanankazo kininina fotsy noho izy mahitsy no sady haingam-pitombo, eo ihany koa ny Acacia, mantalia, ary ny Ananambo izay manan-danja tokoa eo amin'ny fahasalamana sy ny otrik'aina izay entiny. Ankoatra ireo hazo ireo dia zava-dehibe amin'ny mponina ihany koa ny fambolena kafé izay anisan'ny voly mahavelona sy nahitam-bokatra tsara taloha ka tiana haverina indray ankehitriny. Manomboka manaitra ny mponina ihany koa amin'izao fotoana izao ny fambolena jirofo satria azo atao fidiram-bola tsara ihany koa ny vokatra.
Nandritra ny roa taona dia vinavinaina ho maherin'ny 200 000 isa ny zanankazo efa novokarin'ny ONG Tandavanala ka niaraha namboly tamin'ireo mponina manamorona ny tandavan'ala. Ezahin'ny ONG TANDAVANALA hatrany ny mamatsy zanankazo araka izay tratra amin'ireo kaominina manamorona ny ala satria dia efa miha manify ny ala voajanahary noho ny fampiasana azy tsy araka ny tokony ho izy sy tsy ampiheverana.

Ra- zozy

Mahay mamboly Jirofo

1. Fahalalana ankapobeny

Anarana siantifika: Eugénia Caryophyllus
Anarana afantarana: Jirofo
Ny ampiasana azy: Hanitra sakafo, hanitra, fanafody, savony, fandidina (chirurgie)
Fihaviany: avy any indonesia
Halavany: mahatratra hatramin'ny 7-12 m
Toe-tany ilainy: Mety amin'ny toerana rehetra fa ny tena tsara toerana mafana sy be orana
Hazavana: zato isan-jato . Tsy mamokatra izy raha azon'ny aloka
Fampitomboana mahazatra: avy amin'ny voa.
Voany: « anthofle » na « renin-jirofo » miloko voloparasy antitra.

2. Fisafidianana ny renin-jirofo (anthofle)

Fidiana ny renin-jirofo masaka tsara (manopy mena mivolomparasy) sy vaventy.
Otazana eo amin'ny volana febroary ka hatramin'ny aprily.
Ny fitsirian'ny voan-jorofo dia 7 andro aorian'ny fiotazana azy ihany ary tokony ho anaty tany.

3. Fanomanana sy famafazana ny renin-jirofo

Diovina amin'ny tanana ny hodiny, kobanina amin'ny rano madio, (ampandalovina anaty rano misy cryptonol na dithane ny voa alohan'ny hanetsana azy raha misy).
Aotrika ao anaty gony 2 ka hatramin'ny 5 andro ny voa, apetraka amin'ny aloka, tsy avela ho maina.
Afafy anaty toerana fampitsiriana (germoir), atao mielanelana 3cm X 5cm.
Alentika 1 sm anaty tany.
Azo atao koa ny mamafy mivantana anaty "pots".
Ny fitsiriana dia maharitra 1 ka hatramin'ny 6 volana.
Ny latsaky ny 3 volana ihany anefa no tsara famindra.



Fangaro tokony ho hita ao amin'ny toerana fampitsiriana.

4. Fanetsana sy fikarakarana

Izay mitsimoka feno 5 ravina dia aketsa anaty « pot » 12 na 15 volana anaty pepiniera fiandry ny zanajirofo.
Fikarakarana : Tondrahana, hevoana (binage), avaina, famdaminana matetika (esorina izay maty, atokana ny velona)

5. Fambolena

Fanomanana ny lavaka
Ny lavaka dia omanina 2 volana alohan'ny fambolena ary eo amin'ny volana Mai-Jolay .
Atao 60 sm lafiny efatra ary 60 sm ny halaliny
Atokana ny ranon-tany 30sm voalohany
Atokana ny ranon-tany 30sm faharoa ary afangaro zezika masaka tsara na zezika biolojika 20kg.
Totofana ka alefa mialoha ny tany mifangaro zezika. Afatratra tsara ary atao miendrika dongona.
Tondrahana ny zana-kazo

Angon-kevitra Fiche technique BIMTT.

Andao indray hilalao!

Ity indray ary no kilalaontsika amin'ity gazety 'Seraseran'ny Tandavanala» laharana faha 13 ity.

Fomba filalaovana azy:

1/ Tadiavo ilay teny miafina araka ny lalana omen'ny kilalao
2/ Rehefa hita ilay teny miafina dia mamorona fanentanana mahakasika io teny io, ampiarahina amin'ny lohahevitra «tandavan'ala» sy ny «tontolo iainana». Io fanentanana io dia mety ho «asa soratra»: tononkalo, tonon-kira, tantara fohy, hatsikana...
3/ Rehefa vita ny «asa soratra» dia atero any amin'ireo tekinisianina solontenan'ny ONG Tandavanala any an-toerana
Hahazo valisoa avy amin'ny ONG Tandavanala ireo asa soratra tsara indrindra

Koa dia mazotoa ary milalao e!



Takelaka Fifandraisana Seraseran'ny Tandavanala

Talen'ny Famoahana
Sylvain Andriarimalala
Tonian-dahatsoratra
Joharison Ndriamboavonjy

Mpanoratra
Nivo Raholimalala
Ravololoniaina Marie Juliette
Etienne Razafindraboto
Mamy Fidelis Rakotoarivelo
Rivoalimanitra Miora
Raonimahandry Rija Pascal
Rasolondraibe Joseph
Andriamananjara Herimampianto
Famato Andriamampihatona
Livarison Fanomezantsoa
Razafindrakoto Germain
Mpandrindra
Manantsoa Tiana
Natonta
SNIC Ankorondrano
Isan'ny natonta : 5 000

Engoulevent de Madagascar

Ny anarany ara-tsiantifika dia: *Caprimulgus madagascariensis*. Eto Madagasikara ihany no ahitana ity karazana vorona ity.
Ireto kosa no anarany amin'ny fiteny malagasy: Tataro, Ofaka, Langopaka, Lopaka, Goapaka, Matoriandro, Tatarovorona, Tatarofatrama. Izany hoe anarany araka ny fahafantaran'ny isam-paritra azy.

Ny halavany: 21 ka hatramin'ny 23 sentimetatra
Somary mangalatra ny volon'ny ravina maina ny lokon'ity vorona ity ka sarotra ny mahita azy rehefa mipetraka ambany anatin'ireo ravina maina izy.

Any amin'ny faritra Atsimo sy Atsimo andrefan'ny Madagasikara no tena ahitana azy ity, amin'ny toerana maina, izany hoe tsy dia tiany loatra ny ala mikotroka sy ny ala mando toy ny tandavan'ala.
Kankana sy valala ary biby kely isankarazany no tena sakafon'ity vorona ity ary matetika izy mandeha samirery amin'ny fitadiavany sakafo; raha miaraka tsiroaroa kosa dia mpivady izy izay.